## MORAMANGA 4

# NODORAN'NY JIOLAHY TAO AN-TRANO ILAY RANGAHY SY NY ZANANY KELY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7733 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 30 novambra 2023


## TSIPY KANETIBE 2

# NATSAHATRY NY FIPJP TSY HO FILOHA INTSONY I AMIR ANDRIA-LEMIROVASON



## VIH SIDA - ANGATRA - HEPATITE 3

# NANAITRA NY FANJAKANA IREO FIARAHAMONIM-PIRENENA

## MARINA IZANY ! 7

### MIHAZAKAZAKA...

## DÉCOUVERTES RFI 2023 2



### TAFAKATRA AMIN'NY DINGANA MANARAKA I AYNAH

## GAZETY VALIHA

ho hitanao ato 8


## VONDRON'NY KANDIDÀ 7

### NANOLOTRA TONDROZOTRA HIVOAHANA AMIN'NY KRIZY

## EMMO-NAT 4



### TSY MAHAZO MANDRAY FITENENANA IREO MPITANDRO FILAMINANA RAHA TSY NAHAZO ALÀLANA



Tsipy kanetibe - Nilatsaka ny sazy ho an'ny FSBM

# Natsahatry ny federasiona iraisam-pirenena tsy ho filoha intsony Amir Andrialemirovason

Miato avy hatrany amin'ny asa fitantanana rehetra ny taranja Tsipy kanetibe na ao amin'ny fireneny na any ivelany mandritra ny 2 taona Amir Andrialemirovason. Io no anisan'ny voarakitra anatin'ny fanapahankevitra noraisain'ny Federasiona Iraisam-pirenena(FIPJP), tamin'ny faran'ny herinandro teo. Manana roa volana hanaovana fampiakarana kosa moa ny tenany, raha ny voarakitra tao anatin'ity taratasy avy amin'ny FIPJP ity. Ambava fotsiny kosa, hoy i Amir no nanirahan'ny federasiona iraisam-pirenena ny tenany, hanendry ny filoha lefitra faharoa hitantana vonjimaika ny FSBM mandra-pahatonga ny fifidianana, izay tokony atao amin'ny janoary 2025. Nanatrika ity fihaonana tamin'ny mpanao gazety ity ny filoha lefitra faharoa, Julio Edouard saingy tsy nety nanendry azy ny filoha teo aloha satria dia nambarany fa efa tsy manana fahefana intsony ny tenany, ary sao misy fandrika indray izany. Manantena kosa ny tenako, hoy Amir fa hivaha amin'izay ny olana ka mba ho afaka ny sazin'i Madagasikara ary handray anjara amin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena ny mpilalao Malagasy. Tsiahivina, nampanantsoin'ny FIPJP hiatrika CODIS tany Bangkok ity filohan'ny FSBM teo aloha ity tamin'ny 22 novambra lasa teo, tsy nandeha nanatrika izany ny tenany, izay efa nanambara fa rehefa tsy mandeha miatrika fifaninanana ny atleta dia tsy mandeha izy.
Andro vitsy monja taorian' izay, izao nandatsaka ny sazy izao ny FIPJP, izay voalaza tao anatin'izany fa noho ny tsy fanarahany ny toromarika napetraka sy ny fanelezana vaovao diso sy tsy marina ary firaisana tsikombakomba amin'ny fikambanana na olona eto an-toerana amin'ny asa fanimbana ity taranja tsipy kanetibe ity, ka tsy hizorany amin'ny fampandrosoana ny FSBM, izay mpikambana anatin'ny FIPJP. Mbola manana roa volana ny tenako hieritreretana tsara, hoy Amir ka izay mety mahasoa ity taranja ity no arahako. Nampanantena kosa izy fa tsy hiala anatain'ity taranja ity ary hiverina hilalao.

**Rabenaivo**

Prix Découvertes RFI 2023

# Tafakatra amin'ny dingana famaranana i Aynah

Andro maromaro izay no nandefa ny sanganasany ho isan'ny mpandray anjara amin'ny fifaninanan-kira karakarain'ny RFI sy ny France 24 mikasika ny "Prix Découvertes RFI 2023" i Nomenjanahary Aina na Aynah. Mpanakanto 60 no niatrika ny sivana farany manerana an'i Afrika sy ranomasim-be Indiana sy Karaiba ka tafiditra tao anatin'ny 10 voalohany i Aynah ary hiatrika ny dingan'ny famaranana. Mila ny fanohanana avy aty amintsika izy satria manana anjara fahafahana mifidy an-jotra ny malagasy rehetra ankoatra ny mpitsara, izay Black M no filohany. Ny https://musique.rfi.fr/.../20231127-10-finalistes-prix... » no rohy ahafana mifidy an'i Aynah. Manaraka ny toromarika fotsiny avy eo. Hatramin'ny 11 desambra no ahafahana manao izany mba ahafahan'ny solotenan-tsika mibata ny « Prix Découvertes RFI 2023 ». Mpanakanto manana ny mampiavaka azy amin'ireo mpifaninana aminy i Aynah. Izao fiakarany amin'ny dingan'ny famaranana izao dia midika fa voafehiny tsara ny kanto ataony. Manana feo avo sy mampientam-po sy mpitendry matihanina 5 miaraka aminy izy. Tamin'ny 2018 no niakatsehatra voalohany ary efa maro ireo fampisehoana nataony tamin'ny toerana maro teto Antananarivo ary samy niaky fa manana ny hoaviny eo amin'ny kanto ataony i Aynah. Miresaka manokana momba ny fitiavana, ny fiainana andavan' andron'ny olona. Izy no namorona ny hira fanenva "Kolotsaina mampandroso" hetsika ara-kolotsaina "Maroloko" eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo tamin'ny taona 2021. Marihana fa efa nandrafitra ny ekipam-pirenena teo amin'ny taranja Rugby i Aynah talohan'ny naha mpihira azy. Ireto kosa ny firenena sy mpanakanto mpifaninana aminy Amadeus (Sénégal), Jessy B (République du Congo), - Espoir La Tigresse (Gabon), Jozie (Sénégal), Kaya Bysinshii (Rwanda), Lil K HPB (Burundi), Niaka Sacko (Mali), Oprah (Côte d'Ivoire), Queen Rima (Guinée).

**Tiaray**

Misaona ny kanto malagasy

# Nodimandry ihany koa i Jacques le contrebassiste

Semban-drahona indray ny tontolon'ny zavakanto malagasy. Nodimandry ny alatsinainy 27 novambra 2023 teo amin'ny faha-84 taonany Rasoloniaina Jacques, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Jacques le contrebassiste. Andrarezin'ny fitendrena gitara contrebasse io ny lehilahy. Mpanakanto maro no efa niaraniasa taminy ary nametrahany ny dian-tanany ny sanganasany. Anisan'ireny Ludger Andrianjaka ; Abel Ratsimba, Fleurys Rakotozafy, Ramarson Wilson, Kintana Telo sy ny maro hafa. Manana ny mariboninahitra ambony Grand Officier de l'Ordre National ny tenany.
Araka ny programa, efa tontosa omaly alarobia teny Ambohimandroso Itaosy ny fandevenana ny nofomangatsiakany.
Izy no nandao, fa ny kantony sy ny dian-dratsany mitoetra holovain'ny taranaka. Handry am-piadanana anie izy ! **Fy**

Teatra Kala

# Manolotra seho "Ô" etsy amin'ny AFT

Hiaka tsehatra etsy amin'ny AFT Andavamamba ny teatra Kala amin'ny faha-6 desambra ho avy izao. "*Ô*" no lohateniny, izay entin'izy ireo hanairana ny olona ny amin'ny tsy fisian'ny rano. Nazavain'Atoa Falihery Ratovonirina izay filoha mpanorina ny teatra Kala fa zava-misy efa iainan'ny zanak'olombelona rehetra maneran-tany mihitsy izany tsy fisian'ny rano izany vokatry ny fiovaovan'ny toetry ny andro. Anisan'ny mizaka izany ihany koa isika eto Madagasikara raha tsy hiresaka ny mahazo ny mponina any Atsimo fotsiny isika. Noho izay toe-javatra izay indrindra no nahatonga azy ireo nifidy ity lohahevitra ity. Ny teatra dihy no tena ataon'izy ireo ka dia amin'ny alalan'ny dihy no ampitan' izy ireo ny hafatra. Fiarahamiasa amin'ny Alliance Française Andavamamba no nahafahana nanatanteraka ity seho ity. Nialohan' izao hetsika ho ataon'izy ireo izao, efa nisy ny fanentanana ireo mpianatra eny anivon'ny sekoly. Tetikasa iray iarahan'ny teatra Kala sy ny AFT, ka ny tanjona dia izay fanairana ny olona izay ary hanosika azy ireo koa mba hanova ny fomba fanao. Maimaimpoana ny seho, ka asaina avokoa ny rehetra ho avy hijery izany. Fikambanana iray mikolo olona saina, manabe ary mampiala voly ny teatra Kala, tamin'ny taona 2010 izy ireo no nijoro ary efa maro be ny mpikambana ao anatiny izay misy manomboka amin'ny 4 taona ka hatramin'ny 52 taona. Mamorona seho izy ireo fa tsy mindrana ny an'ny hafa ary ny fikambanana no manofana an'ireo mpikambana mba ho lasa matihanina amin'ny teatra dihy.

**Tanya.R**

Mondial " U17 "

# Tafita amin'ny famaranana i Alemana sy Frantsa

Tamin'ny isa 2 no ho 1 no nanilihan'i Frantsa an'i Mali solontenan'i Afrika, tsy hiatrika ny lalao famaranana amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny sabotsy ho avy izao, ho an'ny sokajy zazalahy latsaky ny 17 taona, any amin'ny kianjan'i Surakarta (Indonezia). Tany amin'ny fandakana "tirs au but" 4 no ho 2 kosa vao nilofika teo anatrehan'i Alemana i Arzantina, rehefa nisaraka ady sahala 3 no ho 3 ny ekipa roa tonta. Araka izany dia hanao lalao famaranana kely, hiadiana ny laharana fahatelo, amin'ny zoma kosa i Mali sy Arzantina. **a.r**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Tsy ny tsy misaraka mihitsy no atao hoe finamanana, fa na misy elanelan-tany mampisaraka aza dia tsy hampiova velively ny fo efa nitambatra. »

**Ny Vetso (07.05.16)**

(«La véritable amitié, ce n'est pas d'être inséparable, c'est d'être séparé et que rien ne change.»)

" FIBA 3x3 Africa Cup 2023 "

# Vonona tanteraka ny Ankoay lahy sy vavy

Manomboka rahampitso ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 3 desambra 2023 ny fifaninanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2023 amin'ny basket-ball lalaovin'ny olona telo miaraka, izay ho tanterahina any Egypte. Samy hiatrika ny « *FIBA 3x3 Africa Cup 2023* » avokoa ny ekipam-pirenentsika lahy sy vavy. Ho an-dry Elly Randriamampionona, Rick-ley Loubacky, Arnol Solondrainy, Livio Ratianarivo, dia hiaro ny anaram-boninahitra naha tompondaka azy farany teo no tanjona tratrarina, hangalàna ny tapakila amin'ny fiatrehana ny lalao olympika 2024 any Paris (France), izay tena zava-dehibe tokoa ho an'ny mpanao fanatanjahantena eran-tany ny fandraisana anjara amin'izany fifaninanana izany. Tsy ambaka amin'izany ihany koa ny Ankoay vehivavy fa tafita ho any amin'ny lalao olympika ny ekipa anankiroa tody amin'ny famaranana « FIBA 3x3 AFrica Cup 2023 ». Raha i Jean de Dieu Randrianarivelo « Deda » no mpanazatra ny Ankoay lehilahy, dia i Mathieu Rakotomalala no hitantana an-dry Muriel Hajanirina, Christiane Jaofera, Sydonie Andriamihajanirina, ary i Sarobidy Randriatahiana, izay nanolo ny toeran'i Chine.

**aris rafaly**

Antsam-Pideran'ny Lanitra (A.P.L.)

# Hiantsa hira klasika noely ho fankalazana ny krismasy

"*Mba hankalaza anao ny fanahiko ka tsy hangina , ry Tompo Andriamanitro ô , hidera anao mandrakizay aho* ". Io no lohahevitry ny antsa fiderana hotanterahan'ny antoko mpihira Antsam-Pideran'ny Lanitra » (APL) ny alahady 17 desambra ho avy izao. Araka ny fanazavana, manodidina an' io lohahevitra io avokoa ny hira hotanterahan'izy ireo etsy amin'ny Snt Michel Amparibe. Hanomboka amin'ny 2 ora folakandro ny fotoana, izay voalaza fa hira klasika no handrafitra ny fandaharan-kira omanin'izy ireo. Miompana amin'ny hira fiderana ny fahaterahan'ny mpamonjy ny ankamaroany, miampy hira litorijika vitsivitsy. « *Ao anatin'ny fanomanana ny noely izy io, ka azo lazaina ho konseritra Noely mihitsy na dia tsy izay aza ny anarana nampitondraina azy. Io ihany ny fampisehoana tanterahanay amin'ny volana desambra* », hoy ny tomponandraikitra. Randrianarimanana Jean Jacques , filohan'ny tarika teo aloha ihany no nanao ny fandrindrana sy famoronana.
Marihina fa 13 ny mpikambana tao amin'ny APL tamin'ny 29 septambra 2001 niforonany, efa mahatratra 30 mahery ny mpikambana mavitrika ankehitriny. Mivoy manokana ny gadona klasika izy ireo, na izany aza mivelatra amin'ny gadona maro loko toa ny bagasy sy hira madinika. « Hivavaka aho….ary hampivavaka » no fanambin'ny Antoko mpihira.

**Fy**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady**
**Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 410 - 11 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Fromage fondu

**Zavatra ilaina :** ronono1l, ranona voasarimakirana 4 sotro, dobera 3 sotro, vache qui rit singany 5.
**Fikarakarana azy:** ampangotrahina ny ronono dia esorina ambony afo. Arotsaka ny voasarimakirana 2 sotro. Rehefa misaraka ny ranony sy ny ventiny dia tsihifina amin'ny "passoire" ary avela hitsiaka mandritra ny ora 2. Rehefa izany dia mixena ny ventiny ary asiana ilay voasarimakirana 2 sotro ambiny sy ny dobera ary ny "vache qui rit" 2. Atao malemy tsara dia alefa indray ny "vache qui rit" ambiny. Rehefa vita dia atao anaty vata fampangatsiahana.
Ahosotra amin'ny mofo na atao amin'ny sakafo.

Areti-mifindra VIH SIDA, Angatra, Hepatita

# Nanaitra ny fanjakana ireo fiarahamonim-pirenena

Loza mitatao ho an'ny firenena ny fiparitahan'ny VIH, Angatra, Hepatita B sy C. Nanaitra ny fitondram-panjakana ireo fiarahamonim-pirenena efatra avy amin'ny AFSA, ny ORMS LGBT, ny AINGA/AIDS, ary ny MAD'AIDS, manoloana ny zava-misy ankehitriny. Nandritra ny fanamarihana ny herinanandro manerantany ho an'ny fanaovana fitiliana dia nikarakara hetsika fitiliana maimaimpoana teto Antananarivo sy tany Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, ary Toliara ireto fiarahamonim-pirenena ireto. Tamin'ireo 1 359 notiliana VIH dia 98 no fantatra fa mitondra ny tsimokaretina. 733 ireo notiliana Angatra, koa ny 63 tamin' ireo no niabo ny fitiliana natao azy. 22 tamin'ireo 303 notiliana Hepatita B no niabo ny valiny. Ary 82 tamin'ireo 223 notiliana hepatita C no niabo ny valiny. Mamono avokoa ireto aretina mifindra avy amin'ny firaisana ara-nofo sy rà ireto, saingy azo tsaboina raha fantatra mialoha ny fisiany. *"Maneho ny zavamisy eto Madagasikara ny vokatra azo tao anatin'ny herinandro. Tsy natao hampitahotra akory fa entina hanentanana ny tomponandraikitra rehetra mba hanamora ny fanaovana fitiliana sy ny fahazoana fitsaboana sahaza. Ilana finiavana be ny ady amin'ny VIH, ka izany indrindra no iantsoana ny fanjakana. Tokony samy tomponandraikitra amin'ny tenany ihany koa ny tsirairay."*, hoy Dr Ravelohanta Mananarisoa, avy amin'ny AINGA/AIDS. Tombanana eo amin' ny 66 382 ireo olona mitondra ny tsimokaretina VIH eto Madagasikara, saingy ny 20 isanjaton'ireo ihany no efa voatily sy manaraka fitsaboana.

**R. Muray**

Holafitry ny infirmiera

# Kandidà 5 mirotsaka hofidina anio

Hifidy izay ho filoha hitarika azy ny holafitry ny infirmiera na miasa amin'ny miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ka nahavita fianarana tamin'ity sehatrasa ity anio alakamisy 30 novambra 2023. Raha ny fantatra dia misy Kandidà 5 no mifaninana amin'izany ka misy no efa nitantana ny holafitra teo aloha, nitondra vokatsoa sy zavatra lovainjafy ho an'ny "corps" ny ezaka nataony ary nampiseho fangaraharana sy fahaiza-mitarika. Eo ihany koa ireo efa teo foana nandritry ny fotoana naharitra nanomboka tamin'ny taona 2006. Ao ireo olombaovao izay mbola madio tanana. Raha ny fepetra napetraky ny Komity Nasionalin'ny Fifidianana na CNE dia ny infirmiera ihany no afaka mifidy, ary izy ireo ihany koa no afaka manao fampielezan-kevitra araka ny lalam-pifidianana. *" Efa ela izao birao misy izao no nitondra ny holafitra kanefa tsy dia avy amiany loatra no tsy nahatontosana ny fifidianana tokony natao hatramin'izay izay tokony natao tamin'ny 2012. Ny fananganan'ny Komity Nasionalin' ny Fifidianana no nahatonga an'ilay izy tsy vita"*, hoy Atoa Vabin Rakotoniaina, filoha lefitra ny Infirmiera. Raha ny isan'ny Infirmiera manerana ny nosy dia 18 000 izao ireo mambra ara-dalàna mandrafitra ny holafitra.

*"18 000 izao ireo mambra ara-dalàna mandrafitra ny holafitra."*

**Porofo**

Ho fiatrehana ny fifidianana anio dia nampita hafatra ihany koa ny filohan'ny Paramed eto Madagasikara mba hampangaraharany vokatra fa *"manoloana ny fitarainana mandeha fa misy lehibe manao tsindry sy ramatahora amin'ny fampandaniana Kandidàbiray dia angony tsara ny porofo fa tsy mety ny miteny zavatra tsy maripototra satria voararan'ny lalàna velona ny accusation calomnieuse. Ireo izay voaporofo fa nandika lalàna manao tsindry hampandresena Kandidà ireo kosa dia havoakatsika amin'ny facebook ny anarany sy ny andraikiny ary ialana tsiny mialoha amin'ny fihavanana fa tsy misy indrafo na kely ity na iza izy na iza, na inona na inona voninahiny. Raha misy zavatra mampitaraina ny mpifidy tokony hojeretsika tompon'andraikitra akaiky"*, hoy Atoa Rakotoalison Armand Frédéric, filohan'ny Paramed eto Madagasikara. Mankasitraka ny mpiara-miasa rehetra ary manentana ihany koa mba samy haneho ankalalahana ny safidiny ity farany. Raha ny loharanombaovao farany azonay dia maro amin'ireo Infirmiera izay mambra ara-dalàna ao anatin'ny holafitra no tsy tafiditra ao anatin'ny lisipifidianana. Noho izany mangataka izy ireo mba hijerena vahaolana haingana na koa ho afaka hifidy amin' ny karatra maha-mpikambana amin'ny holafitra handraisana anjara amin'ny fifidianana fa tsy hiandry amin'ny taona 2027 indray vao hanan-jo handatsabato.

**HAR**

Madavision

# Manomana hetsika vaovao maro ho amin'ny taona 2024

25 taona nisiana ny Madavision, orinasa malaza amin' ny fikarakarana hetsika arabarotra. Hiavaka ny taona 2024 ho azy ireo satria betsaka ireo hetsika vaovao hahafahan'ireo mpivarotra mampahafantatra ny entany. Anisan'izany ny hetsika Grande Braderie de Madagascar izay ampifandraisana amin'ny hetsika "déstockage pro" izay ho tanterahina ny volana may sy desambra 2024 ao amin'ny kianja Barea. Taorian'ny covid-19, tao anatin'ny fahasahirana ny ankamaroan'ny orinasa, niakatra ihany koa ny vidin'entana kanefa ny fahefaha-mividin'ny olona midina hatrany. Vahaolana amin'ny fiverenana eo anivon'ny tsena ny fandraisana anjara amin'ny hetsika toy ny GBM. Tsy nionona amin'izay ihany anefa ny Madavision fa mikarakara ny FIG na "Festival International de la Gastronomie de Madagascar izay atao indroa miantoana ihany koa amin'io taona ho avy io. Anasana ireo mpian-tsehatra rehetra amin'ny lafiny ara-tsakafo ary misokatra amin'ny tsena Iraisampirenena ary hanasana mpahandro matihanina maro, fifaninanana ary fampahafantarana ny momba ny fenitra ara-tsakafo. Farany kanefa tsy kely indrindra ny SIT na Salon de l'Innovation et de la Technologie izay tontosaina eny amin'ny CCI Ivato ny 12 hatramin'ny 14 aprily 2024. Ity farany ity kosa natao hampahafantarana ireo hiaka farany amin'ny teknolojia sy ireo voka-pikarohana vaovao izay efa amidy eny anivon' ny tsena.

**Nath**




Efa sasa-miandry ampahafantatra ireto vokatra vaovao ireto ho an'ny mpanjifa ny Madavision hoy i Harilala Ramanantsoa.

Tontolo andro siantifika - ESPA Vontovorona

## Voka-pikarohana 81 mifandraika amin'ny fiovaovan'ny toetrandro

"Isika rehetra miara-misalahy ametraka fanamby eo anoloan'ny fiovaovan'ny toetrandro" io no lohahevitra nentina nandritra ny tontolo andro siantifika izay tontosaina eny amin'ny Ecole Supérieur Polytechnique d'Antananarivo. Ny fiovaovan'ny toetrandro efa iaintsika amin'izao fotoana izao, orambe, haintany ary manana voka-pikarohana iatrehana izany ao amin'ny ESPA. Misy 81 ireo voka-pikarohana nataon'ireo doctorant, mpampianatra mpikaroka na mpikaroka mpampianatra, ary industriel malagasy na iraisam-pirenena nampahafantarina teny Vontovorona omaly. Niresaka manodidina ny fiovaovan'ny toetrandro izy rehetra ireo ary miezaka mitondra vahaolana hiatrehana izany. Tanjona amin'izao fiovaovan'ny toetrandro izao ny hahafahana miomana sy miatrika ka anisan'ny fikarohana hita ny fanamboarana trano mandamina kokoa kanefa manaraka ny zavamisy. Ireo voka-pikarohana ireo avoaka amin'ny gazety ara-tsiantifika iraisam-pirenena mba ho hitan'ny rehetra. « Misy telo ireo Ecoles doctorales ato amin'ny ESPA ka anisan'izany ny STII na 3Science et Technique de l'Ingénierie et de l'Innovation3, ny GPSIA na « Génie des Procédés et des Procédés et des Systèmes Industriels et Alimentaires3, ny INGE na « Ingénierie et Géosciences ». Eo amin'ny 3 200 kosa ny isan'ny mpianatra rehetra ary 300 isan-taona ny mpianatra mivoaka ho injeniera ary 300 ireo Master Professionnel. » hoy ny Pr Rakotoson Rijalalaina, Talen'ny ESPA.

**Nath**

Tetikasa Efaho

## Manara-maso akaiky ny fizotry ny asa ny Governemanta



Fidinana ifotony tao amin'ny faritra Anosy, omaly.

Mihazakazaka ny fanatanterahana ny tetikasa Efaho. Omaly, nidina ifotony nijery ny fanatanterahana ny asa tao amin'ny faritra Anosy ny Praiminisisitra lehiben'ny Governemanta sy ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana, izay notronin'ireo olom-boafidy sy olomboatendry tao amin'ny faritra Anosy sy Androy. Efa anatin'ny dingan'ny fanorenana ny tetikasa nanomboka tamin'ity volana novambra ity, ary efa eo am-pamaranana ny fandavahana ny toerana hametrahana ny "Ouvrage de captage" ny asa ankehitriny. Tsiahivina fa tanàna 40 ao Anosy sy tanàna 20 ao Androy no hisitraka famatsiana rano fisotro madio amin'ny alalan'ny fitarihana ny ranon'i Efaho. Vola madiodion'ny fanjakana no nahetsika mba hamaliana ny filàn'ireo mponina ao Atsimon'ny Nosy, izay nijaly rano an-taonany maro. *« Hitondra fampandrosoana ny tetikasa Efaho amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fambolena sy fiompiana. Tsy ny mponina avy amin'ny toerana handalovan'ny fantsona ihany no hahazo tombontsoa, fa indrindra ny Faritra, ary hipaka amin'ny fampandrosoana ny Firenena manontolo mihitsy. »*, hoy ny Praiminisitra Ntsay Christian.

**R. Muray**

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**VIDANGE**

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 685/17-17)

* Sce vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 689/15-13)

**MITADY ASA**

* Equipe Maçon mahay. Mitady asa : manangana sy manao finit° rhtr (carreaux…). Tél : 034.23.909.68. (G-BA 694/10-7)

* Mitady asa, Chauffeur permis B C, 5 taona nitondrana fiara. Tél : 034.29.417.25. (G-BA 697/1)

**MIVIDY**

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-14)

**COURS**

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 696/5-1)

Moramanga

# Nodoran'ny jiolahy tao an-tranony ilay rangahy sy ny zanany kely

*Naratra voatsindron' antsy ilay rangahy ka tsy tafavoaka tao intsony.*

Trano iray somary mitokamonina any an-tsaha no notafihana jiolahy maromaro ny alin'ny Talata teo tokony ho tamin'ny misasakalina tao Anjemoka, fokontany Lakato-Moramanga. Nododonin'ireo jiolahy avy hatrany ny varavarana. Noho ny andro alina anefa dia tsy namoha ny tompon-trano. Mbola nanohy nandondona ihany ireo olon-dratsy ka nony farany rehefa tsy nety namoha dia nodoran'izy ireo ny trano. Taitra ilay raim-pianankaviana tao an-trano raha nahita ny setroka nidonaka ka namoha varavarana. Vao nivoaka anefa io dia noleran'ireo jiolahy tamin'ny antsy ka nitolefika tsy tafatsangana intsony. Rehefa voa io dia lasa nandeha ireo jiolahy. Niezaka nivoaka nanavotra aina haingana ireo rehetra tao an-trano sady niantso vonjy. Voalaza fa valo mianaka teo izy ireo no tao amin'io trano io.

**Taraiky**

Taitra ny teo amin'ny manodidina raha nahita ny firehetan'ny trano ka nifanome tanana tamin'ny famonoana ny afo. Trano hazo anefa ilay izy ka vetivety dia levon' ny afo tanteraka. Taraiky tao ilay raim-pianankaviana noho ny ratra nahazo azy. Tavela tao ihany koa ny zanany iray vao telo taona monja. Efa samy nisahotaka tamin'ny fivoahana tao an-trano ny rehetra ka tsy nisy nahatsiaro ilay zaza. Efa teny ivelany vao samy nifampanontany kanjo tsy tafiditra tao amin'ilay trano intsony noho ny afo. Maty kilan'ny afo tao izy mianaka ireo. Lasa lavenona tao ihany koa ny entana rehetra. Voalaza fa tsy nisy akory ny zavatra lasan'ireo olon-dratsy tamin'io satria tsy tafiditra tao an-trano izy ireo ka io niafara tamin'ny fandoroana ny trano io. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

EMMONAT

# Tsy mahazo mandray fitenenena ireo mpitandro filaminana tsy nahazo alalana

Andro sisa no hisaina dia hanambara ny vokatra ofisialy mikasika ny fifidianana filoham-pirenena ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana. Manoloana io dia nanao fanambarana ny « Emmonat » fa tsy hanaiky izay endrika fanakorontanana. Nilaza ihany koa izy ireo fa ny mpitandro filaminana dia tsy mahazo mandray fitenenana raha tsy mahazo baiko na alalana avy amin'ny lehibe tomponandraikitra tsirairay avy, na io avy amin' ny komandin'ny Zandarimariam-pirenena, na avy amin' ny Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika Malagasy na Tale Jeneralin'ny Polisim-pirenena. Io no nambaran' ny jeneraly Andriamasimanana William « Sous-*Chef d'État-Major* », teo anatrehan'ny mpanao gazety tetsy amin'ny toby Ratsimandrava, omaly. Mandeha mantsy ny feo hoy izy fa misy ny mpitandro filaminana am-perinasa sy efa misotro ronono heno fa hanao tsindry mikasika ny famoahana vokam-pifidianana, rahampitso zoma 1 Desambra. *« Fotoana izao handraisan'ny vahoaka malagasy tsy vaky volo, izay manan-jo hifidy ka tonga nanefa ny adidiny, hanapaka ny safidin'izy ireo amin'ny alalan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana ; ka hazoantsika vokatra hanendrena izay filoham-pirenena hitantana an'ny madagasikara mandritra ny 5 taona manaraka"* : hoy ny nambaran'ny jeneraly Andriamasimanana William, *"Sous-Chef d'État-Major en charge des opérations"* eo anivon'ny Etamazaoron'ireo tafika. Hentitra ny "Emmonat" ary nanamafy fa tsy hanaiky ny endrika fanakorontanana rehetra izay mety hataon'ny olona milaza fa hanakorontana.



**Ny jeneraly Andriamasimanana William , " Sous-Chef d'État-Major en charge des opérations " eo anivon'ny Etamazaoron'ireo tafika.**

**Deyland**

Vatomandry

# Sprinter 2 nifandona, olona 9 naratra

Nisehoana lozam-pifamoivozana tany amin'ny distrikan'i Vatomandry andro vitsivitsy lasa izay. Fiara sprinter roa no nifandona tamin'io fotoana io ka olona sivy no naratra vokatr'izany. Araka ny fanazavana dia fiara fitateram-bahoaka ny iray tamin'ireo sprinter ireo. Avy any Mahanoro izy tamin'io ary teny an-dalana teny no tsy fantatra mazava izay tena zava-niseho fa dia io nifandona tamin'ny fiara sprinter iray hafa mpitatitra entana io izy. Dia ireo nitarika faharatrana olona maro izao. Ankoatra izay dia samy nahitana fahasimbana ihany koa ireo fiara sprinter roa ireo. Rehefa nandre mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana tany an-toerana dia tonga nidina ifotony nanao fizahana tany amin'ilay toerana nitrangan'ny loza. Efa nentina namonjy hopitaly ireo naratra ka efa noraisin' ny mpitsabo izy ireo ka efa nahazo fitsaboana sahaza azy avy. Soa aloha fa mba tsy nisy ny aina nafoy vokatr' ity lozam-pifamoivozana iray ity. Mitohy ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana ka ny zandary avy ao Vatomandry no mandray antanana izany.

**T.H**

Amboasary Atsimo

# Lehilahy hita faty tsy nisy loha



Lehilahy iray no hita faty notapahan-doha tany Beraketa any amin'ny kaominina Ebelo afovoany ao anatin'ny distrikan'Amboasary Atsimo omaly maraina. Nidaraboka tamin'ny tany izy, tsy hita ny lohany fa tapaka niala teo ary noentin'ireo olon-dratsy. Hatairana ny an'ny olona raha nahita ity fatin-dehilahy ity tamin'io maraina io. Vory lanona ny fokonolona avy eo raha vao nahafantatra ny zava-niseho. Ary tao no niantso ny tomponandraikitra tany an-toerana. Anisan'ny naheno ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka nandeha nanao fidinana ifotony avy hatrany izy ireo nanao fitsirihana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSB-II Ebelo sy ny ben'ny tanàna Iefitra. Fantatra fa mety ny alin'ny talata no nanaovan'ny olon-dratsy izao vono olona izao.

*Nahitana solefanina misy sombina rongony ny tanana havia.*

**Mpitatitra fako**

Mbola nisy rà mihandrona rahateo teo ambanin'ity lehilahy maty ity tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpanao fizahana tany. Fantatra tamin'izany fa lehilahy mpitatitra fako ao amin'ny kaominina Ebelo ity nanapa-doha ity. Nandritra ny fahatongavan'ireo mpitandro filaminana tany an-toerana ihany koa dia nahitana solefanina misy sombina rongony ny tanana havian'ilay lehilahy maty. Taorian'ny fizahana natao dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana. Nisy avy hatrany ny fanarahan-dia niarahan'ny fokonolona sy ny zandary natao. Tsy fantatra aloha hatreto izay tena antony nahatonga izao vono olona feno habibiana izao. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Mahabo

# Vehivavy iray nalain'ny dahalo an-keriny

Mikaikaika amin'ny firongatry ny tsy fandriampahalemana ny mponina any amin'ny faritr'i Menabe iny amin'izao. Saika ho isan'andro no handrenesana fanafihan-dahalo tany an-toerana tato ho ato. Anisan'ny voakasik'izany ny ao amin'ny distrikan'i Mahabo. Vehivavy iray indray mantsy no voalaza fa nalain'ny dahalo an-keriny tao amin'ny kaominina Analamitsivala ny Talata alina teo. Noratrain'ireo dahalo ihany koa ny vadin'ilay ramatoa. Raha ny vaovao voaray hatrany dia efa nisy ny fitakiam-bola nataon'ireo dahalo. Ankoatr'ireo dia voalaza fa nisehoana fanafihan-dahalo narahina halatr'omby ihany koa tamin'ny tanàna maromaro tao Analaiva tamin'io alina io. Omby maro no lasan'ireo dahalo tamin'izany. Nanao ny fanarahan-dia avy hatrany ny fokonolona ary efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana.

**R.C**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Misy**




## Hatsikana an-tsary

**Mivadika**




## Masoandro miposaka

**Apokalypsy 20 : 11-12**

11 Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandrianana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. 12 Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan' ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny bokin'ny fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Raha resy samy kary, avelao hisy maty.**

Si deux chats furieux se battent, il faut que l'un soit tué pour être vaincu.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3112**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | | | 1 | 8 | 2 |
| | 6 | | | 1 | | 3 | | |
| | 2 | | | 9 | 3 | | | |
| 6 | | 4 | 1 | | 8 | | | |
| 7 | | 2 | | | | 8 | | 3 |
| | | | 2 | | 6 | 5 | | 4 |
| | | | 7 | 8 | | | 3 | |
| | | 3 | | 5 | | | 9 | |
| 8 | 4 | 1 | | | | 6 | | |

Valin'ny laharana **3111**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 9 | 6 | 2 | 8 | 7 | 5 | 1 | 3 |
| 2 | 3 | 5 | 9 | 1 | 4 | 8 | 7 | 6 |
| 1 | 8 | 7 | 5 | 3 | 6 | 4 | 9 | 2 |
| 5 | 2 | 8 | 7 | 6 | 9 | 1 | 3 | 4 |
| 9 | 6 | 1 | 4 | 2 | 3 | 7 | 8 | 5 |
| 7 | 4 | 3 | 8 | 5 | 1 | 2 | 6 | 9 |
| 8 | 1 | 4 | 6 | 9 | 5 | 3 | 2 | 7 |
| 3 | 7 | 9 | 1 | 4 | 2 | 6 | 5 | 8 |
| 6 | 5 | 2 | 3 | 7 | 8 | 9 | 4 | 1 |

## Marina izany !

### Mihazakazaka ...

**Mifarana sahady ity ny volana novambra . Nanamarika azy ny fifidianana filoham-pirenena. Hanokatra ny volana desambra ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny vokatra ofisialy tamin'ny latsa-bato natao ny 16 novambra 2023 lasa teo. Tsy niandry ny fe-potoana farany voalazan'ny lalàna Ambohidahy fa naroso aloha izany noho ity andrimpanjakana ity efa nanomboka nandinika mialoha ny voka-pifidianana tonga teo aminy. Asa moa na kisendrasendra na fifanojoan'ny datin'andro fotsiny fa andro iraisam-pirenena hiadiana amin'ny Sida ny voalohan'ny volana desambra hamoahana ny voka-pifidianana filoham-pirenena ofisialy. Na izany na tsy izany, toa mihazakazaka ny raharaha. Indrindra ny raharaham-pirenena. Efa mitodika sahady amin'ny fifidianana kaominaly sy solombavambahoaka ny mpanatanteraka izay nametraka sora-bola ho amin'izany ao anatin'ny vinavina tetibolam-panjakana taona 2024 izay eo am-pandinihana azy indrindra ny antenimiera eny Tsimbazaza. Ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ihany koa nanambarana fa ao anatin'ny enim-bolana voalohany amin'io taona 2024 io no hanatanterahana ireo. Mihazakazaka ny raharaha. Etsy andanin'izany, mihetsika ihany koa ny mpanao politika sy ny hery velona hafa eto amin'ny firenena ka ankoatra ny fanambarana fandavana ilay fifidianana filoham-pirenena, manohy ny fihaonana amin'ny solontenan'ny fianakaviambe iraisam-pirenena izy reo ary nanatitra taratasy teny amin'ny masoivoho vahiny mihitsy ny sasany. Mihazakazaka ny raharaha. Andrasana àry ny hiseho amin'izao faran'ny herinandro izao !**

Herivonjy RAJAONAH

Lalàna mifehy ny tetibola

## Hankatoavina eny Tsimbazaza, anio




Araka ny efa notaterina teto dia niverina niatrika ny fivoriana ara-potoana faharoa ny solombavambahoaka rehefa samy avy nanampy tosika ireo kandida filoham-pirenena notohanany na ireo niroso tamin'ny fampielezan-kevitra izany na ireo nanao hetsika an-dalambe nanoherana ny fanatanterahana ny latsa-bato. Raha tsiahivina, tamin'ny alatsinainy teo no nankato ny fandaharam-potoana voalohany ry zareo mpikamban'io Andrimpanjakana mpanao lalàna eny Tsimbazaza io, taorian'ny fivorian'ny birao maharitra. Nofaritana tamin'izany fa amin'ity andro anio ity no handinika sy handany ny volavolan-dalana mifehy ny teti-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024 mandritra ny fivoriana itambarambe ireo olomboafidy ireo. Araka ny loharanom-baovao iray, dia efa nodinihina lalina tamin'ny asam-baomiera teny Tsimbazaza hatramin'ny talata teo niaraka tamin'ireo tekinisiana avy amin'ny minisiteran'ny vola, izany.

**Tora-po**

Dia ho hita eo araka izany izay mety ho fanapahan-kevitra horaisin'ireo olom-boafidy ny amin'io volavolan-dalana io. Ny antenaina ao anatin'izany dia mba ho hita taratra eny amin'ny Antenimierampirenena amin'izay ny adihevitry ny depiote mpanohitra sy mpomba ny fitondrana amin'io volavolan-dalàna sokajiana ho ain-dehiben'ny firenena io. Raha ny tokony ho izy, amin'ny tany mitonona ho demôkratika toa an'i Madagasikara mantsy dia eny anivon'ny Antenimierampirenena no sehatra tokony hiadiana hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena, eo amin'ny mpomba ny fitondrana sy ny mpanohitra izay tsy mitovy fomba fijery pôlitika. Heverina araka izany fa mba tsy ho tora-po na fanipazana voninkazo ho an'ny governemanta na fanangan-tànana be fahatany fotsiny fotsiny no hitranga eny Tsimbazaza fa ho tena adihevitra ho tombontsoan'ny Malagasy isam-baravarana mihitsy.

**Mamy R.**

Vondron'ny kandidà

# Nanolotra tondrozotra hivoahana amin'ny krizy

*Mbola nanamafy ny mahazava-dehibe ny hisian'ny fifampiresahan' ny mpandray anjara politika rehetra eto amintsika Vondrona Iraisam-pirenena.*




**Ireo Vondron'ny Kandidà 11 nihaona tamin'ny Vondrona Eoropeana teny Ankorondrano.**

Miroso amin'ny paikady manaraka ireo vondron'ny kandidà 11 taorian'ireny fifidianana filohan'ny Repoblika izay heverin'izy ireo toy ny tsy misy ireny. Afak' omaly dia nisy ny fihaonan'izy ireo tamin'ny tomponandraikitry Vondrona Eoropena teny Ankorondrano. Nivohitra nandritra izany ny fanoloran'ireto Vondron'ny kandidà ireto tamin'ny Vondrona iraisam-pirenena ny Tondrozotra eritreretin'izy ireo fa hivoahana amin'ny krizy politika. Vontoatin'ity Tondrozotra mianga avy amin'ny fifanarahana politika ity ny mety hametrahana rafitra tetezamita hikarakara fifidianana vaovao, ny momba ny lalàna mifehy ny fifidianana ary ny fe-potoana hanatanterahana ny rafitra tetezamita. Anisan'ny voafaritra ao anatin'izany fa olona tsy miandany no mitarika ny rafitra tetezamita ka ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena ankehitriny no hapetraka hitantana azy. Hisy ihany koa ny governemanta iraisana izay hatsangana, ka tsy mahazo miditra ao ireo mihevitra ny ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Mijanona amin'ny toerany ny depiote sy ny senatera. Momba ny fanomanana ny fifidianana dia hajoro rafitra vaovao toy ny CENI sy ny HCC tahaka ny endriky ny CES teo aloha. Momba ny fe-potoana hiasan'ny rafitra tetezamita dia manomboka amin'ny volana desambra 2023 izao no hajoro izany. Miantomboka eo koa ny fanavaozana ny lisi-pifidianana izay hofaranana amin'ny volana avrily 2024. Kasaina hatao amin'ny volana jona 2024 ny fifidianana filoham-pirenena vaovao.

**Fanilikilihana**

Karazan'ny misy fanilikilihana sahady ity Tondrozotra vinavinain'ny mpanohitra hatao ity satria, dia tsindrian' izy ireo mafy ao anatin'izany ny tsy hahafahan'ny Filoha teo aloha mandray anjara amin'io fifidianana kasain' izy ireo hatao io. Ho sarotra araka izany ny hametrahan'ny Vondron'ny kandidà 11 ity rafitra tetezamita vaovao ity. Ny Vondrona iraisam-pirenena ihany koa inoana fa mety hitsipaka marinandrano izany hevitra izany, raha toa ka manjaka ny fanilikilihana ny hafa. Ireo farany izay mbola nanamafy ny mahazava-dehibe ny tokony hisian'ny fifampiresahana eo amin'ny mpandray anjara politika rehetra eto amintsika. Ankoatra io, efa mandeha araka ny tokony ho izy ny famaranana ny zotra-pifidianana izay natao farany teo, ka miandry ny fanambarana ofisialy ataon'ny HCC momba izay vokatr'izany ny rehetra rahampitso.

**JUDD**

Fiombonan'ny herivelona - Fianarantsoa

# "Natao amboletra ny fifidianana teo ka toherinay"

Tsy mety tapitra ny fanambarana anehoan'ireo herivelona samihafa ny fitsipahany ny fanatanterahana ny fifidianana natao tamin'ny 16 Novambra 2023. Ankoatra ireo mpitarika antoko politika sy fikambanana ary firaisamonim-pirenena eto an-dRenivohitra dia nanao izany ihany koa ny Fiombonan'ny herivelona any Fianarantsoa, omaly. Ity farany izay ivondronan'ny Vovonan' ny Raiamandreny Matsiatra ambony, solontenan'ny Vondron'ny kandida, mpampianatra mpikaroka, mpiasam-panjakana ambony. Ao anatin'izany ihany koa ny teraka Atsimo Atsinanana, fiarahamonim-pirenena, fikambanan'ny mpianatry ny Oniversite ary fikambanan' ny taranak'ireo mpiady tranainy tamin'ny 1947. Nivantana no nilazan'ireo herivelona ireo tamin'izany fa miteraka savorovoro ny zava-misy eto amin'ny tany sy ny Firenena mahakasika ny fifidianana filoham-pirenena natao farany teo.

**Tsy tomombana**

"*Mitsipaka ny latsa-bato natao tamin'ny 16 Novambra 2023 izahay noho ny fanitsakitsahana ny lalampanorenana sy ny lalàna velona ary ny tsy fahatomombanan'ny fikarakarana ny fifidianana*", hoy io Fiombonan'ny herivelona any Fianarantsoa tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, milaza ho manohana fanelanelanana iarahan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM ary ireo Raiamandreny aradrazana tao anatin'izay herinandro maromaro izay izy ireo. « *Maniry ny mbola hitohizan'izany ezaka handaminana ny olana nateraky ny fifidianana natao amboletra teto Madagasikara izany*", hoy hatrany izy ireo tamin'izany. Farany, milaza ho mahatsapa ny Fiombonan'ny herivelona any Fianarantsoa fa tena miha lalina ny fahantrana any amin'izy ireo ka tapa-kevitra tsy hanaiky ny hatao fitaovana hangalana fahefana tsy ara-demokratika amin'ny alalan'ny fanararaotana maro isan-karazany intsony.

**Mamy R.**

**AVIS DE DISSOLUTION**

D'après la décision collective des associés, la société SUPER SHOP SARL, suivant procès-verbal enregistré au CF III FARAVOHITRA : de F°60 N°764 Vol AC/61 du 21/11/23 pour
- La dissolution anticipée de la SUPER SHOP SARL

NIF : 3 002 006 377
Stat : 47110 11 2015 0 10518
RCS : 2015B00496

G-CL688/1-1

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# VALIHA

Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy
Havàtsa-UPEM - Laharana 331 - 30 Novambra 2023

## MATOANDAHATSORATRA

### Safidy miantoka ny hoavy

Volana novambra, vanim-potoana miavaka amin'ny fiainam-pirenena malagasy. Niatrehan'ireo olompirenena ny fifidianana izay ho Filoha hitondra mandritra ny dimy taona manaraka, manomboka amin'ny 2024 ka hatramin'ny 2029. Maromaro ny toe-javatra mihodidina ny datin'ny 16 novambra 2023, andro fandatsaham-bato ary ny tena mitana ny sain'ny mpanara-baovao manerana ny Nosy ka hatrany am-pitandranomasina dia ny fisian'ny hetsika fotsy. Hetsika fanoherana sy tsy fankatoavana ny fisiana fandikan-dalàna, hoy ny mpitarika, ataon'ireo Andrimpanjakana mahefa misahana manokana ny fifidianana, CENI sy ny HCC. Kandida ho Filoham-Pirenena iraika ambin'ny folo (11) no niray feo ka nanambara ny fanoherana sy tsy fanekena ny hirosoana amin'ny fifidianana. Nitaona ny vahoaka haneho ny heviny ka nirotsaka teny an-dalambe nandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra. Tontosa soa aman-tsara moa ny fifidianana ary eo am-piandrasana ny vokany isika.

Fa ny lafiny kolontsaina kosa dia manan-tantara amin'ny Fikambanan'ny Poety sy Mpanoratra Malagasy, HAVÀTSA-UPEM, ny volana novambra satria fotoam-pifaliana noho ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'ny Mpanoratra maromaro Mpikambana ao. Ny Mpanoratra mantsy dia tsy mba maty, fa na dia nody vovoka aza ny vatany, ny asasorany kosa mitoetra sy velona mandrakizay. Ohatra amin'ireo efa nodimandry i AéRa na André RAKOTONDRANAIVO, izay teraka ny 24 novambra, eo koa i Henri RAHAINGOSON na i Di...teraka ny 26 novambra. Ao ireo am-perimpanoratana, Mpanoratra mbola velona toa an'i J Nalisoa RAVALITERA sy ny maro hafa izay hankalaza izany amin'ny 28 novambra ho avy izao. Volana azo ambara ho fahaveloman'ireo nateraka mpikira ny tenin-drazany izany ny volana novambra.

Fa amin'ny fandaharan'asa dia volana fakana bahana hiomanana amin'ny ho avy ny volana novambra. Fotoana ihany koa izay fandinihina ireo Mpanoratra maniry hiditra ho mpikambana HAVÀTSA-UPEM. Ary toy ny fikambanana rehetra dia volana fiomanana ho amin'ny famaranana ny taona, ary fibanjinana ny tetikasa sy ny asa hotanterahina amin'ny taona ho avy ity volana novambra ity.

***Hantanoro***

## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Be kitrakitrana tahaka ny mpanefy »**

Ny olona miasa sy mamelon-tena amin'ny fanefena vy no atao hoe mpanefy. Marihina anefa fa tsy ny vy ihany akory no azo tefena. Eo koa ny volamena, ny volafotsy. Eny, na ny tanimanga koa aza. Mpanefy tanimanga no ilazana azy. Saingy ny mpanefy vy no foto-dresaka eto. Tantanana, riandriana, tandra, tafoforana: ireo no fitaovana fototra fampiasan'ny mpanefy. Lelan'angady, antsy, famaky, lefona, karetsaka, savily, sns, no amboarin'ny mpanefy. Feo mahazatra ny sofin'ny mpanefy ny fikitrakitran'ireo vy isan-karazany ireo : maneno, mikarantsana…Tsy maintsy akarina eo amin'ny riandriana ny vy nodorona ary pehina amin'ny tantanana mba hahazoana ny endrika tiana hanaovana azy. Fikitrakitranana avokoa no aterak'izany rehetra izany. Marina ara-bakiteny tokoa ny hoe "be kitrakitrana tahaka ny mpanefy". Inona moa ny tian'ny ohabolana holazaina amin'izany? Fahita eo amin'ny fiarahamonina andavanandro ny olona manana toetra mpila kisa izay mahatsiaro finaritra amin'ny fambolena fifandirana, fifandonana sy fikorontanana. Ao ireo olona izay tsy manao afa-tsy ny manakiana ny vitan'ny hafa ka tsy mijery afa-tsy ny lafiratsin-javatra. Ny toy izany no tondroina amin'ny hoe "be kitrakitrana tahaka ny mpanefy."

***RANJATOHERY Harilala***

## VAOVAOM-PIKAMBANANA

- ***Havàtsa-UPEM Sampana Frantsa***

Nanao hetsika lehibe ho fanamarihana ny faha 19 taonany ny Sabotsy 18 novambra 2023. Toy izao ny akony araka ny hafatra mailaka nalefan'ny Birao Havàtsa-UPEM Sampana Frantsa tamin'ny alalan'i ANTSIVA na Raharijaona Marie-Angèle ho an-dRamatoa Filohan'ny Havàtsa-UPEM manontolo.

*Tsy hay ny hangina ka tsy hisaotra anao tamin'ny teny nifampizaranao taorian'ny Hetsika nanamarihana ny faha-19 taonan'ny Havàtsa-UPEM Sampana Frantsa. Sitraka sy telina tompoko.*

*- Tamin'ny 3ora dia efa nivoha ny toerana hanaovana ny hetsika*

*- Tsara fifandraisana tamin'ny Havàtsa-Upem Sampana Frantsa ny tompon-trano nampindrana ny trano (tsy nanofa trano ny Fikambanana)*

*- Tamin'ny 4ora dia efa tonga ny tarika nanao "Seho an-dampy". Nandray an-tanana ny fandaminana ny seza sy ny fametrahana ny lampihazo izy alohan'ny hanaovana ny famerenana farany.*

*- Tamin'ny 7 hariva sy 6 minitra teo no nanomboka ny lanonana ary nofaranana tamin'ny 10 ora sy 20 minitra alina.*

*- Tsy latsaka ny 150 ny olona tonga.*

*- Ankoatra ny Antsa tononkalo sy ny fitendrena zavamaneno ary hira nataon'ny Mpikambana dia nisy "Seho an-dampy" sy kaonseritra koa.*

*- Fito no isan'ny Mpandray anjara tamin'ny "Seho an-dampy". Izaho ANTSIVA no Mpanolotra sy nandrindra ny Tantara ho azo aseho sehatra.*

*- Nisy « tombola » sy tolo-bola ary varotra sakafo*

## *ANDALA-NOTSONGAINA*
### *Atolotr'i Jacynthe*

POEZIA

(...)

fa saina firy ketraka no nareniny hiorina ?
Ireo fo mitresatresaka navitrany hitolona.
Ireo niraviravy tanana nomeny ezaka hioitra.
Ireo notsindrian'ny namana nasehony hipoitra. (...)

***Heriarilala***
***21 Marsa 2023***

*FEHINY : Nahavelom-bolo sy nitondra AINGA VAO ho an'ny hoavin'ny Havàtsa-UPEM Sampana Frantsa ny hetsika lehibe natao tamin'ny Sabotsy 18 Novambra 2023 tao amin'ny « espace André-Maigné, 18 bis rue du 14 juillet 94270 Le Kremlin-Bicêtre ». Maro ny olona nangataka ny hamerenana azy alohan'ny faran'ny taona.*

*Tsy nitsanga-menatra ny Havàtsa-Upem Sampana Frantsa fa nijoro sy niatrana ary nampamerovero hanitra ny takarivan-kanto sy Literatiora. Finaritra ny saina. Azoazo erý ny aina.*

*Koa ny aina no matezà.*
*Mirary soa lalandava.*
*ANTSIVA*




## AM-PERIMPANORATANA

### RAL



***1- Lazao anay hoe iza ianao?***

Rakotoarisoa Andriantsifaritana Lantoniaina ny anarako feno, 56 taona, manambady, manan-janaka efatra. 'RAL' no fanafohezana ny anarako, nahatonga ahy nisafidy ny solon'anarana hoe 'Rahalahy'. Monina aty amin' ny faritr'i Genève, miasa amin'ny orinasa iraisam-pirenena, miandraikitra ny fitantanam-bola. Mbola mamita fianarana ihany koa, manomana ny mari-pahaizana Doctorat. Niditra tato amin'ny fikambanana Havàtsa-Upem ny taona 2013, isan'ireo telo mirahalahy nanangana ny Sampana Suisse niaraka tamin'i Hajaina ANDRIANASOLO.

***2- Endri-javatra na tosika toy ny ahoana no mahatonga anao hanoratra***

Fony tany amin'ny kilasy faha-4, tao amin'ny Kolejy Masina Misely, no efa nanomboka nanoratra tononkalo. Mpianatr'i Reine Davide (Zakarandà), namporisika ny mpianany hanoratra tononkalo izy, hovakina isaky ny fiantombohan'ny fampianarany, taranja malagasy.

Nitsiry tao amiko nanomboka teo ny fitiavana tononkalo, ka nampiasaiko teo amin'ny sehatra rehetra nahafahako nanoratra. Rehefa faly aho dia manoratra, toy izany ihany koa rehefa oriory na sahiran-tsaina. Sehatra namoahako ny aty fanahiko ny tononkalo na dia tsy nozaraiko ho vakin'ny maro aza mazàna. Nitohy tamin'ny famoronana hira ho an'ny antokom-pihira teo anivon'ny fiangonana izany. Nitondra hafanam-po tokoa ny ezaka hamoaka hira matetika, na hira hivavahana, na hira faneva samihafa. Manohy manoratra tononkalo tsy tapaka aho araka izay toe-po iainako. Mazàna ny olona no mangataka ahy handrafitra rima hampiasaina ho an'ny fikambanana, na haseho an-tsehatra. Ny tononkalo hatsikana no mazàna ifantohako.

***3- Raha manoratra ianao, manana olona iantefany manokana ve?***

Mitory toe-po, fisaorana sy fiderana ny Tompo na fangatahana na mitantara ny zava-misy eny rehetra eny ny indroa toko amin'ny asa soratro. Tsy voatery ho an'olona fa soratako fotsiny hanehoako izay mameno ahy. Misy koa anefa tononkalo ho an'olona manokana, ho an'ireo olona akaiky ahy, ho an'ny fikambanana, arakarak'izay mety hampiasana azy na ny fangatahan'ny olona. Tsy mba mitahiry izay soratako aho, fa tena miaina feno ny tenin'ny soratra masina hoe 'Izay manolotra an-kafaliana no sitraky ny Tompo'. Mazàna ny olona no mampahatsiahy ahy hoe ito nosoratanao taloha ela. Loharanom-pahasambarana hatrany ny mamerina mamaky ireny.

***3- Amin'izao ankehitriny izao, inona no andraikitry ny poeta sy ny mpanoratra?***

Mitahiry sy mikolokolo ny vakoka nentin-drazana eo amin'ny haisoratra, na teny malagasy io na teny vahiny. Sehatra iray anehoana aingam-panahy sy fikarohana mantsy ny asa soratra sy tononkalo. Noho izany tsy mazàna izy ireny no ahitana teny tsy voahevitra na hoe maivan-danja, fa saika vokatry ny fandalinana sy fifehezana. Azo ianteherana noho izany ny asa tanan'ny Poeta sy Mpanoratra, hitarafana ny fahaizana amam-pahalalàna. Ireo asa soratra sy tononkalo ihany koa no mitahiry izay zava-mitranga sy seho tamin'ny vaninandro nanoratana azy. Eo izany no azo itarafana ny fomba amam-panao na ny fomba fisainana na ny zavatra rehetra niainan'ny maro tamin'ny fotoana nipoirany. Farany, iaraha-mahalala fa mivoatra isan'andro ny fomba fiteny sy ny voambolana fampiasa. Tsy zovina fa mihavery ireo teny manan-danja fampiasan'ny Ntaolo, tsy ampiasain'ny maro intsony ankehitriny. Miha mitombo ny teny nadika avy tamin'ny tenim-bahiny na ny tontolon'ny teknolôjia ankehitrio. Ny Poeta sy ny Mpanoratra no sompitra mitahiry ireo fahaiza-manaon'ny Ntaolo eo amin'ny sehatry ny fitenenana samihafa.

**GAZETY VALIHA**

**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjaniaina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*

**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie

**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com

## VOAMBOLANA

**Kofina :** (1) fitroarana nateraky ny fisondrovahan'ny rano nosotroina tany an'orona, ka mifotroaka mivoaka amin'ny vavorona na ny vava.
*Oh.: Nataony indray migoka ilay ranomboankazo eran'ny tsangambava ka **kofina** sy nivadi-boamaso irery teo izy.*
(2) vata natao hametrahana na hitondrana ny razana halevina, vatampaty, tranovorona.
*Oh.: "Ary nentina ny **kofina** hazolakana tao an-tranon'Andriamamba, ary nentina tao amin'ny Tranovola ary nambenana." (Rév. P Callet, Tantaran'ny Andriana, Tranopirintimpirenena, 1981, tak. 1127)*

**Fanalolahy :** mpiady mahery, olona ireharehana fatratra.
*Oh.: **Fanalolahin**'ny Malagasy izay rehetra manandratra avo ny fiandrianam-pirenena.*

**Enditra :** ran-kena sy taovany atao indray mandritra.
*Oh.: Na **enditra** aza mba mahatoraka ny jaka mialin-taona ihany raha ny hanitra.*

**Fantara :** (1) etona eny amin'ny habakabaka.
*Oh.: **Fantara** be no nandrakotra ny lanitra.*
(2) vakim-bato avy amin'ny vaingam-bato any amin'ny tsy hita noanoa sy tsy taka-maso any amin'ny habakabaka any. Mitsoriadriaka eny amin'ny lanitra eny, rehefa amin'ny alina, no fahitana azy ary antsoin'ny olona ihany koa hoe tain-kintana.
*Oh.: Hanao basy mihaika varatra va no **fantara** tsy tra-maso* hojerena akory no hosamborina.(3) hazavana misarin-delafo madinika symifindrafindra toerana, fahita eny amin'ny toeram-pandevenana rehefa amin'ny takariva na alina, antsoin'ny olona hoe afondolo n aafongatra.
*Oh.: Tsy tanety may, tsy vohitra forehitra fa **fantara** mahatahotra.*

**Lamboady :** filam-baniny, filam-boatsiary, filan-kisa.
*Oh. : **Lamboady** atao fotsiny ny an'ilay nilaza ho very vorona, fa ny azy gisan'olona nisandohana tsotra izao.*

***RANJATOHERY Harilala***

## IZANY MOA ...

***TENY MALAGASY HO AN'NY FIVOARANA***

Voasokajin'ny Akademia afrikanina momba ny teny ho anankiray amin'ny teny 12 matanjaka indrindra amin'ny faritr'i Afrika atsinanana sy ny ranomasimbe indianina ary teny mpiampita sisin-tany ny teny malagasy. Ny fahamaroan'ny olona mampiasa sy miteny ny teny malagasy no nanankinany ireo fanasokajiana ireo, mandahatra ny teny malagasy amin'ireo teny manana ny maha izy azy. Ankoatra izany, mandahatra ny teny malagasy eo amin'ny laharana faha 63 amin'ireo teny velona 7 000 eto amin'izao tontolo izao ny L'Atlas sociologique mondial. Mihamaro ihany koa ny vahiny liana amin'ny fianarana ny teny malagasy izay ampianarina rahateo amin'ireo oniversite samihafa any ivelany any: Frantsa, Etazonia, Rosia, Shina, sns. Tsy vitsy ny vazaha tena mahafehy ny teny malagasy, na ny fitenenana na ny fanoratana. Saika ny ankamaroan'ireo tany afrikanina no mitsiriritra antsika Malagasy amin'ny fananantsika teny tokana ahafahantsika mifandray sy mifankahazo eo amin'ny fifaneraserana andavanandro, ka tsy mahavoatery antsika hindrana teny hafa hifampiresahana. Andry iray lehibe iankinan-javatra maro eo amin'ny fiainan'ny firenena iray ny fananana fitaovana sarobidy toy izany.

Andanin'izay anefa, misy ampahana Malagasy tena manao tsinontsinona tsotra izao ity teny malagasintsika ity, ary ny maha loza azy dia amin'ny ambaratongan'ny mpitantana sy mpanapa-kevitra eto amin'ny tany sy ny fanjakana no misy ny ankamaroan'izy ireo. Sahy manambara tsy amim-pisalasalana izy ireny fa tsy ahafahana milaza hevitra ny teny malagasy! Ao koa ny mamerimberina fa tsy ampy voambolana ny teny malagasy. Tsy vitsy no manitrikitrika fa tsy ahafahana miantoka fivoarana araka izay tandrify ny andro ankehitriny ny teny malagasy! Nanome vahana izany fisainana izany rahateo ny fiverenana indray tamin'ny fampiasana betsaka ny teny frantsay – teny vahiny mahavantana ny Malagasy – ho teny enti-mampianatra nanomboka tamin'ny taona 1991. Na manao ahoana na manao ahoana fomba hanarontsaronana ny zava-misy dia tsy azo lavina ny fiheveran'ny Malagasy tompon-teny ny teny malagasy ho "tsy mitondra mankaiza"!

Tsy maintsy lazaina mazava anefa fa tsy misy tena na iray aza eto ambany masoandro manana ny fahafenoana. Mifamelona ny teny velona rehetra noho ny fifampidirana eo amin'ny lafiny voambolana, mitarika ny teny velona ho afaka manaraka ny fivoarana misy eo amin'ny tany itenenana azy sy izao tontolo izao. Tahaka ny firenen-drehetra saropiaro amin'ny teniny ary manao ho zava-dehibe sy vaindohan-draharaha mihitsy izany fampiasana ny teniny izany, dia lalan-kevitra azontsika Malagasy irosana tsara ireto fomba ahazoana manajary ny teny malagasy ireto : mamoha sy mamolaka ireo voambolana tranainy, mamorona teny vao araka ny fenitra takin'izany, mindrana voambolana amin'ny teny hafa izay tsy voatery ho teny frantsay na teny anglisy, managasy ny fanonona sy ny fanoratra ny voambolana amin'ny teny hafa hifanaraka amin'ny fanononana sy fanoratana ny teny malagasy.

Tsy zava-baovao akory ireo voalaza ireo, fa efa tena lala-masaka falehan'ny firenena maro aza, ary nahombiazan'izy ireo tamin'ny fanaingana sy ny fampiorenana fivoarana tamin'ny lafiny samihafa tamin'ireny firenena ireny. Mitaky famolahan-tsaina amintsika tompon-teny mba hanaiky sy hampiasa araka ny fenitra tokony ho izy ny tenintsika izany. Hatreto mantsy, haimaivamaivanina mazàna ny fiheverana ny amin'io ezaka fanajariana ny teny malagasy hahatonga azy ho afaka manaraka ny fivoarana io. Hakamoan-tsaina mpahazo ny maro ny te hianina fotsiny hoe "sarotra be ny hahita teny malagasy amin'ity na iroa e". Fanaovana hitsin-dalana amin'ny fampirafesan-teny no aterak'izany. Heloka ve, ohatra, ny manoratra na miteny hoe "dizitalizasionina" handikana ny hoe "digitalisation"? Tsy namorona ary tsy tompon'ny teknolojia nananana izany isika ka tsy maintsy mandika sy mamolaka ny fomba hilazana aza araka ny fenitry ny tenintsika. Fahadisoana ve ny mampiasa ny hoe "fendapa" ilazana ny talen'ny arofenitra, ankoatra ity fampiasa hoe "tale" na "mpiandraikitra ny arofenitra "ity? Sompitra azontsika andoarana voambolana maro ny fiteny malagasy amin'ny faritra samihafa. Ny lokanga tsy atao no mahabe voatavo!

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***